**FANAMBARANA**

**Enim-bolana aty aoriana, aiza ho aiza ankehitriny ny fametrahana ny mangarahara amin'ny fiatrehana ny COVID19 ?**

**Amin'ny maha mpisehatra amin'ny fampandrosoana ny firaisamonim-pirenena mampiroborobo ny fangaharahana sy ny haitondra, dia tsy nitsahatra namerina sy nampahatsiahy izahay ny mahazava-dehibe ny fametrahana sehatra ahafahana mifampidinika sy mametraka ny mangarahara ary ny tamberinandraikitra amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana amin'izao ady amin'ny COVID 19 izao**. Nangataka izahay ny amoahana ny mombamomba ireo tsenambaro-panjakana ary ny fampiharana ny lalàna velona, nangataka ihany koa ny tatitra tamin'ny fampiasana ny fanampiana miompana amin'ny COVID 19 tamin'ny alalan'ny fihaonana, taratasy misokatra, vaovao samihafa, na ihany koa taratasy manokana : tsy araka ny atontan'isa sy ny mpamatsy ihany, fa tokony ho hita ao ny sehatra handefasana ilay fanampiana, ny nampiasana azy (tanteraka na tsia), sy ny fisiany matetika.

Manoloana izay indrindra, dia tianay ny mampahatsiahy ny ezaka nataon'ireo mpisehatra amin'ny ady amin'ny COVID 19. Ankasitrahanay ny :

- **Ezaka nataon'ireo mpisehatra mba hiarovana an'i Madagascar, tsy toy ireo firenena afrikanina maro tratra**
- **Ny fisokafana sy ny fiaraha-miasan'ireo mpisehatra samihafa toy ireo sampandraharaham-panjakana toy ny eo anivon'ny Kaomina Antananarivo Renivohitra, ny Tale Jeneralin'ny Fiahiana Ara-tsosialy (DGPS), ireo firaisamonim-pirenena, ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka, ny ARMP, ireo mpikambana ao amin'ny Cash Working Group ary ireo fikambanana sy vondrona samihafa avy amin'ny sehatra tsy miankina ary ny mpiara-miombon'antoka.**
- **Ny famoahana ireo tatitra vonjiaika roa mikasika ny famatsiana ny COVID 19 nivoaka tao amin'ny tranokalan'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Tetibola**
- **Ny fametrahana sampan-draharaha mampifandray ny firaisamonim-pirenena sy ny MEF mba hanamora ny fifanakalozana**
- **Ny fandraisana andraikitr'ireo olompirenena, mpilatsaka antsitrapo tamin'ny fanaraha-maso ny famatsiana ny COVID 19, na teo aza ny ambana samihafa atrehan'izy ireo**
- **Ny fahavitrihan'ny olompirenena manaraka akaiky ny fampiasana ny fananam-panjakana mba ahafahana mitoroka izay tsy fanarahan-dalàna na kolikoly**
- **Mitory ireo tranga kolikoly sy tsy fanarahan-dalàna hita (raharaha fividianana vatomamy, fividianana fahitalavitra) eny anivon'ny Bianco sy ny PAC**
- **Ny fahafahan'ny firaisamonim-pirenena nanaraka ireo tsenambarom-panjakana voarakitra ao amin'ny SIGMP.**

Na eo aza ireo ezaka ireo, nahatsikaritra izahay fa :

- **manjavozavo ny fampiasana ny tetibola COVID 19, indrindra ny amin'ireo «** ***caisse d'avances uniques et exceptionnelles*** **» izay napetraky ny CCO-Covid 19 ;**
- **tsy mbola misy ny tatitra ara-kasa sy ara-bola isam-bolana mifanaraka amin'ny lalàna velona.**

- **Tsy ampy ny fifampidinihana eo amin'ny samy mpisehatra (firaisamonim-pirenena, sehatra tsy miankina, ny manampahaizana ara-tsiansa) amin'ny famolavolana sy ny fanjohina ary ny fanarahana ny PMDU ;**
- **Tsy ampy ny fahafahana manaraka ny fampiasam-bola mifanaraka amin'ny COVID 19 izay miparitaka be loatra, na teo aza ny fametrahana ny fonds de riposte Covid 19 tamin'ny volana jolay 2020.**
- **Tsy misokatra amin'ny olompirenena ireo mpisehatra sasany manoloana ny fitakiana ny fahafahan'ny olompirenena mahazo vaovao marina**
- **Tsy misy ny lalàna manamarika ny fepetra raisin'ny mpanatanteraka.**

**Manamafy hatrany izahay araka izany** :

1. Ny fampiharana ny didim-panjakana n°2020-725 mikasika ny fametrahana ny *fonds de riposte à la pandémie Covid 19*, izay lany tamin'ny Filankevitry ny Governemanta ny 02 jolay 2020, ary ireo lalàna manaraka ireto izany hoe ;

- Ny fankatoavan'ny Comité de pilotage ny tetibola isan-tsokajiny
- Ny famoahana ny lisitry ny tsenambarom-panjakana sy ny fandaharan'asa
- Ny fanangonana ireo fandaniana rehetra ao amin'ny SIGMP
- Ny famoahana ny tatitra ara-kasa sy ara-bola isam-bolana mifanaraka amin'ny fe-potoana voasoratry ny lalàna
- Ny fandaminana ireo fandaniana nampiasaina talohan'ny nankatoavana an'io didim-panjakana io.

2. Ny tsy nisian'ny rafitra voalaza ao amin'ny PMDU, antoky ny fandraisana andraikitr'ireo mpisehatra amin'ny ady amin'ny Covid 19, sy ny fanarenana ny toekarena eto Madagasikara, izany hoe ny Comité Consultatif, ny Organe Mixte de Lutte contre la Corruption, ary indrindra ny Comité de pilotage. Ireto farany dia mbola tsy natsangana foana hatreto, nefa dia anisan'ireo andrin'ny ady amin'ny COVID 19 : tsy maintsy ankatoavin'ny Comité de pilotage sy ny tetibola manokana

Ny fampidirana sy ny fanomezana fahefana ireo sehatra samihafa ireo no hanampy amin'ny fametrahana ny ady amin'ny COVID 19. Efa naneho ny fahavononany hiditra ho mpikambana amin'io komity io ny sehatra tsy miankina sy ny firaisamonim-pirenena mba ahafahana mitondra ireo fanatsarana sy tolokevitra amin'ny fomba araka ny lalàna.

3. Miroso mankany amin'ny famahana tanteraka ny fihiboana ny fepetra raisin'ny governemanta ankehitriny. Raha jerena ny zava-misy ara-toekarena sy sosialy, ireo famerana samihafa (toekarena, sosialy ) takian'ny hamehana ara-pahasalamana, ny fameran' ny fitondrana eo amin'ny lafiny ara-politika, sy mikasika ireo fahafahan'ny olompirenena : **mametra-panontaniana izahay ny antony mbola itazomana ny amehana ara-pahasalamana.**

4. Ny famelana malalaka ny BIANCO, ny PAC sy ny HCJ hikirakira amim-pahalalahana ny fitoriana voarainy sy ny fahazoana tatitra avy amin'izy ireo.

Farany, izahay firaisamonim-pirenena dia mamerina ny fahavononanay sy ny fisokafanay amin'ny fampiroboroboana ny fomba fanao mahomby amin'ny hay tondra amin'ny fitantanana ankapobeny ny raharaham-panjakana, amin'izao fiatrehana ny krizy ara-pahasalamana eto Madagasikara izao.

Antananarivo, 25 septambra 2020

*Ireo Firaisamonim-pirenena mirotsaka amin'ny fanarahamaso sy ny fahatomombanana ny Fanampiana mikasika COVID 19 :*

*CCOC*
*Hetsika Rohy*
*MSIS Tatao*

*OIMP*
*ONG Hitsy*
*ONG Ivorary*
*ONG Ravintsara*
*ONG Saha*
*ONG Tolotsoa*
*Transparency International Initiative Madagascar (TI-MG)*